


# HAYFIDY 2023

Maridrefy sy masontsivana ho an'ny safidy matotra sy voalanjalanja

# Teboka 4 Tsara ho fantatra alohan’ny handatsaham-bato

## OLONA TOY NY AHOANA NO TOKONY HIROTSAKA HO FIDIANA HO FILOHAN’NY REPOBLIKA ?

- Nandranto fianarana, manana traikefa hita sy mazava amin’ny fitarihana
- Manaja sy mampiatra ny mangarahara izy, momba ny tenany, ny asany, sns
- Miezaka ho modely, tsy manazaza olompirenenena,
- Mahitsy fitondrantena .

## INONA NO ASAN’NY FILOHAN’NY REPOBLIKA?

- Mpitarika ny fanjakana
- Mpitarika ny tafika
- Mpandrindra ny fifandraisana ara-diplomatika
- Tomponandraikitra amin’ny famoahana, fampiarana didy aman-dalàna

## INONA AVY NO TOKONY HO HITA AO ANATIN’NY PROGRAMAN’NY KANDIDA IRAY?

- Paikady iadiana amin’ny kolikoly
- Paikady azo tanterahana mba hisitrahan'ny Malagasy ny zo fototra rehetra
- Paikady ho an'ny fitrandrahana ara-drariny ny harena voajanahary.

## INONA NO ATAO HOE “FAHOMBIAZANA”?

**Mahomby ny fitantanana iray rehefa:**


- Voaporofo fa misy dingana mivaingana vita amin’ny ady amin’ny kolikoly
- Tanteraka ny ankapobeny amin’ny programan’asa nentina
- Mangaraharaha ary azo hamarinina ny fomba fiasa sy ny asa natao
- Mifandray amin’ny filan’ny mponina amin’ny faritra ivelomany ny asa sy programa

# Sivana 6 entina manao **safidy mari-pototra, voasaina** ary **matotra** amin'ny **fifidianana 2023**

**Raha efa olomboafidy ilay kandidà**



1. Mombamomba ilay kandidà: faripahaizany,foto-pivelomany, fifidianana efa natrehany, sns



2. Ny taha-pahavitan'ireo fampanantenana nataony (25% ve sa firy?)



3. Ny raharaha ara-pitsarana efa nahavoampanga azy na nahavoatonina ny anarany



4. Ny fahombiazan'ny fitantanany (nihatsara ve ny toe-piainana?)



5. Ny drafitra ara-pandrosona arosony: mari-pototra, afaka tanterahana ao anatin'ny dimy taona



6. Ny fanambarany ampahibemaso sy mangarahara ny loharanombola ampiasainy.

Raha liana handalina kokoa ianao dia ampiasao ny **Hayfidy** ao amin'ny:

**www.transparency.mg/ressources**

# HAYFIDY HOE ?

- Masontsivana entina hanampiana antsika olompirenena hanao safidy malina, marim-pototra ary voasaina tsara amin'ny fifidianana, ho fanentanana ny tsirairay hifantoka amina kandidà manana programa matotra, manao ny ady amin'ny kolikoly ho vaindohandraharaha ary mandala ny fahitsiana sy tamberinandraikitra
- Fitaovana tsotra fampitahana ny kandidà, natao ho ampiasain'ny mpifidy tsirairay, izay mitazona ny valinteny hitany ho azy samirery, ary tsy hanaovana fampielezankevitra.

## AHOANA NY FAMPIASANA NY HAYFIDY?

**A.** Vakio ny fehezanteny tsirairay ao anaty fafana

**B.** Asio isa ny valinteny mifanandrify amin'ny hevitrao

**D.** Totalio ny isa azon'ny kandidà tsirairay, vakio ny fanazavana mifandraika amin'ny naotiny

**E.** Ataovy ny fampitaha amin'ireo kandidà samihafa ary mifidiàna!

## AHOANA NY FAMETRAHANA ISA ARAKA NY VALINTENY ?

- **TSIA** = isa **0**
- **Tsy ampy na/sy manalasala ny zava-pantatro** = isa **1**
- **ENY** = isa **2**

** Tsy maintsy omena isa 0, na 1, na 2 avokoa ny fehezanteny rehetra ao anaty fâfana

## TANDREMO

Tsy miandany amina kandidà na antoko na loko ara-politika ny Hayfidy. Mba hanamafy orina ny safidinao : mihainoa vaovao tsy tapaka, mizara mandinika sy mamakafaka izay voalaza ary mazotoa manaraka ny vaovaompirenena samihafa.

## RAHA MILA FANAZAVANA FANAMPINY

Transparency International – Initiative Madagascar

contact@transparency.mg

## NY FAHAFANTARANAO NY KANDIDA

| | 1 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7 | 8 | 9 | 10 | 11 | 12 | 13 |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| |  |  |  |  |  |  |  |  |  |  |  |  |  |
| | RAZAFINJOELINA Tahina | ANDRIANAINARIVELO Hajo Herivelona | RAJOELINA Andry Nirina | RATSIRAKA Iarovana Roland | RAVALOMANANA Marc | PARAINA Auguste Richard | RAOBELINA ANDRIAMALALA Andry Tsiverizo | RAZAFITSIANDRAOFA Jean Brunelle | RATSIRAHONANA Lalaina Harilanto | RAJAONARIMAMPIANINA RAKOTOARIMANANA Hery Martial | RADERANIRINA Sendrison Daniela | RATSIETISON Jean-Jacques Jedidia | RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry |
| **I. Momba ny kandidà** | | | | | | | | | | | | | |
| 1. Fantatro tsara izy, ny momba azy (fianarana natao, asa, sns) | | | | | | | | | | | | | |
| 2. Olona azo antoka sy azo itokisana ny mpiara-dia aminy. | | | | | | | | | | | | | |
| **II. Momba ny programan'ny kandidà** | | | | | | | | | | | | | |
| 1. Manana programa maty paika izy. | | | | | | | | | | | | | |
| 2. Mifandraika amin'ny filàn'ny faritra misy ahy ary mahavaha ny olan'ny fiarahamonina ny programa arosony. | | | | | | | | | | | | | |
| 3. Tanteraka ao anatin'ny 05 taona ny programa arosony | | | | | | | | | | | | | |
| **III. Momba ny fahavononona hiady amin'ny kolikoly sy hanara-dalàna** | | | | | | | | | | | | | |
| 1. Misy fepetra manokana hiadiana amin'ny kolikoly ny programany | | | | | | | | | | | | | |
| 2. Milaza ampahibemaso ny loharanombola ampiasainy amin'ny fampielezankevitra izy | | | | | | | | | | | | | |
| 3. Fitaovany sy volany manokana sy an'ny antokony no ampiasainy mandritra ny fampielezankevitra (fa tsy an'ny Fanjakana) ary tsy mizara vola sy fitaovana ho tambin'ny vato izy | | | | | | | | | | | | | |
| 4. Madio imason'ny lalàna, tsy mbola nandalo fitsarana, tsy mbola voasaringotra amin'ny resaka kolikoly, ary tsy mbola nisazy izy | | | | | | | | | | | | | |
| 5. Mangaraharaha ny fiarahamiasany amin'ny any ivelany, ka tsy hatahorana hisy fifampiraharahana amina firenena sy mpamatsy vola mampiahiahy | | | | | | | | | | | | | |
| **IV. Momba ny andraikitra ambony efa noraisiny na ny naha- olomboafidy ny kandidà(*). Nandritra ny fotoampiasany dia :** | | | | | | | | | | | | | |
| 1. Nitàna ny teny nomeny izy ary nahatanteraka izany araka izay tratrany | | | | | | | | | | | | | |
| 2. Azo antoka ny fiasany sy ny mpiaramiasa aminy, lavitry ny raharaha maloto sy mamohetra | | | | | | | | | | | | | |
| 3. Niezaka hiady amin'ny kolikoly sy mamongotra ny tsimatimanota izy | | | | | | | | | | | | | |
| TOTALIN'ISA | | | | | | | | | | | | | |

(*) Heverina ho ilaina ny traikefa amin'ny fitantanan-draharahampanjakana raha hitondra firenena, mba ialàna amin'ny fanaotaovana foana, satria samihafa amin'ny orinasa na fiangonana na rafitra hafa ny firenena.

## JEREO NY TOTALIN'NY ISA NOMENAO NY KANDIDA SY NY METY HO DIKAN'IZAY

| **Raha ireto ny isa hitanao** | **Raha isa 0 ka hatramin'ny 10** | **Raha isa 11 ka hatramin'ny 20** | **Raha isa 21 ka hatramin'ny 26** |
|---|---|---|---|
| **Dia toy izao ny dikany** | Mivangongo amin'ity kandida ity avokoa ny singa miiba rehetra. Tsy vonona hiady amin'ny kolikoly, tsy vonona hampandroso ary tsy mitarika ho amin'ny fivoarana.<br>Azo heverina fa mbola tsy feno ny vaovao ananana momba ity kandida ity sy ny programany na misy singa manokana mety mampanahy anao. Tandremo !<br>**Mba ialàna amin'ny fisalasalana, manaraha vaovao tsy tapaka ary fakafakao izay lazain'ny kandida sy izay voarakitra ao anatin'ny programan'asany.** | Azo heverina fa mahafeno amin'ny ampahany ny masontsivana ity kandidà ity, saingy mbola mampiahiahy anao ny momba azy sy ny asany teo amin'ny sehatra politika.<br>**Mba ialàna amin'ny fisalasalana, manaraha vaovao tsy tapaka ary fakafakao izay lazain'ny kandida sy izay voarakitra ao anatin'ny programan'asany.** | Hatreto aloha dia ahitana singa miaabo betsaka ny kandidà nosivaninao. Tandremo anefa ny endrika ivelany : aoka ho malina sy hanara-maso hatrany indrindra mandritra ny fampielezan-kevitra.<br>**Mba ialàna amin'ny fisalasalana, manaraha vaovao tsy tapaka ary fakafakao izay lazain'ny kandida sy izay voarakitra ao anatin'ny programan'asany.** |

FIFIDIANANA 2023



# HEVITRA NO FIDIANTSIKA

## FA TSY

## VOLA SY FITAOVANA







TRANSPARENCY INTERNATIONAL INITIATIVE MADAGASCAR